


**Ny Praiministra Jean Omer Beriziky**

***Raharaha mikasika ny samy Malagasy monina eto Madagasikara no misy ka dia ninia tsy nadika ity manaraka ity. Tsy mampaninona mihitsy raha tsy ho voavakin'ireo miseho gasy (tia tanindrazana hono) nefa vazaha tataratsy tsy mahay mamaky teny gasy. Nolazaina fa malemy "diplomate" loatra ny Praiministra Beriziky, mba tsy lazaina hoe malemy. Ity ary ny fanambarany, mikasika indrindra ny trangan-javatra niseho tamin'ny Alahady fah-2 Jolay 2012 teo.***

Jeannot Ramambazafy

**FANAMBARANA**

Ny voalohan-teny dia maneho ny fiaraha-miory amin'ny fianakaviana mana-manjo rehetra noho ny zava-nitranga ny alahady 22 jolay lasa teo.

Manoloana ireny zava nitranga teny amin'ny 1er RFI Ivato ireny ary eo hanatrehan'ny resaka mifamaofao sy tsaho samihafa miely ombieny ombieny dia tsy hainay ny hangina na dia efa nanome fanazavana mivantana aza ny tompon'andraikitra miaramila.

Koa manao antso avo amin'ny vahoaka Malagasy tsy vaky volo manerana ny Nosy ny tenako amin'ny anaran'ny Fitondram-panjakana iray manontolo mba samy ho tony hatrany ary tsy ho

voarebirebin'ny mpampiely vaovao tsy mari-pototra.

Eto aho dia mitodika aminareo mpanao gazety, amin'ny andraikitra lehibe sahaninareo amin'ny fampitàm-baovao.

Manentana anareo hatrany izahay mba hanamarina tsara ny vaovao eo am-pelatananareo mialohan'ny hamoahanareo azy ; satria ny vaovao diso sy tsy mari-pototra tokoa mantsy no anisan'ny fototry ny honohono sy ny tsaho isan-karazany mampikorontana ny saim-bahoka. Ka aoka samy hanaja ny fitsipika mifehy ny asanareo ianareo, azahoanareo ny fitokisan'ny mpijery, mpihaino sy mpamaky anareo.

Ho anareo mpitandro ny filaminana rehetra : zandary, polisy sy tafika, aoka hampivondrona ny herinareo ianareo ka hiray hina eo am-panatanterahana ny adidy mankadiry napetraky ny Tanindrazana aminareo, dia ny fitandroana ny filaminam-bahoaka ao anatin'ny fanajana ny ambaratongam-pahefana rehetra mifehy anareo.

Ianareo no tandroka aron'ny vozona sy kitro ifaharan'ny fiandrianam-pirenena ka tokony hotandrovanareo lalandava ny hasin'ny andraikitrareo.

Mampitandrina ireo izay mitady hampisara-bazana amin'ny endriny rehetra ny mpitandro filaminana izahay, fa tsy misy tombon-tsoa ho an'ny Tanindrazana iombonana izany.

Dia mirary soa hatrany ho antsika mianakavy.

**Filan-kevitry ny Governemanta, Mahazoarivo, faha-24 Jolay 2012**